REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**MINISTERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA**
**---------------------**

**DIDIM-PANJAKANA laharana faha 2015 - 957**
**mikasika ny rafitra ifotony fikaonan-doha**
**eny anivon'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.**
*( Gazetim-panjakana laharana manokana tamin'ny 06 aogositra 2015 )*

**NY PRAIMINISITRA, LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA,**

Araka ny Lalàmpanorenana ;

Araka ny lalàna fehizoro laharana faha 2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014 mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fombafomba fandaminana sy ny fomba fiasan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary ny fitantanana ny raharahany manokana ;

Araka ny lalàna laharana faha 2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 mikasika ny loharanom-bolan'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fombafomba fifidianana, ny fandaminana sy ny fomba fiasa ary ny anjara andraikitry ny rafitr'izy ireo ;

Araka ny lalàna laharana faha 2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;

Araka ny lalàna laharana faha 2015-002 tamin'ny 26 febroary 2015 mameno ny tovana laharana voalohany amin'ny lalàna laharana faha 2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 mikasika ny loharanom-bolan'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fombafomba fifidianana, ny fandaminana sy ny fomba fiasa ary ny anjara andraikitry ny rafitr'izy ireo ;

Araka ny lalàna laharana 2015-009 tamin'ny 01 aprily 2015 mifehy ny sata manokan'ny Kaominina ambonivohitr'i Nosy Be ;

Araka ny lalàna laharana 2015-010 tamin'ny 01 aprily 2015 mifehy ny sata manokan'ny Kaominina ambonivohitr'i Sainte Marie ;

Araka ny lalàna laharana 2015-011 tamin'ny 01 aprily 2015 mifehy ny sata manokan'Antananarivo, Renivohitry ny Repoblikan'i Madagasikara ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2014-289 tamin'ny 13 mey 2014, nampiana sy nasiam-panovana tamin'ny didim-panjakana laharana faha 2014-1725 tamin'ny 12 novambra 2014, mametra ny andraikitry ny Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, ary ny fandaminana ankapobeny ny Ministerany ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2014-1929 tamin'ny 23 desambra 2014 mamaritra ny fombafomba fampiharana ny fepetra sasantsasany amin'ny lalàna laharana faha 2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2015-021 tamin'ny 14 janoary 2015 manendry ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2015-030 tamin'ny 25 janoary 2015 manendry ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2015-592 tamin'ny 01 aprily 2015 mikasika ny fanasokajiana ny Kaominina ho Kaominina ambonivohitra na ho Kaominina ambanivohitra, nasiam-panovana tamin'ny didim-panjakana laharana faha 2015-817 tamin'ny 06 mey 2015 ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2015-593 tamin'ny 01 aprily 2015 mikasika ny fananganana ireo fari-piadidiam-panjakana ;

Araka ny tolo-kevitra avy amin'ny Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana ;
Eo am-pivorian'ny Filankevitry ny Governemanta,

**DIA MAMOAKA IZAO DIDY IZAO :**

## TOKO VOALOHANY
## FEPETRA ANKAPOBENY

**Andininy voalohany –** Ity didim-panjakana ity dia mamaritra ny fombafomba fampiharana ny andininy faha-15 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha 2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014 mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fombafomba fandaminana sy ny fomba fiasan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary ny fitantanana ny raharahany manokana.

**And. 2 –** Ny lehiben'ny mpanatanteraka isaky ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia manangana, amin'ny alalan'ny didm-pitondrana, ny rafitra ifotony fikaonan-doha aorian'ny fanapahan'ny Filankevitra.

**And. 3 –** Ny rafitra ifotony fikaonan-doha dia sehatra fifampiresahana sy fakan-kevitra ary fikaonan-doha ahafahana mampandray anjara feno ireo mpisehatra eo amin'ny fampandrosoana na miankina amin'ny Fanjakana na ny sehatra tsy miankina.

Io rafitra ifotony fikaonan-doha io dia fitaovana manampy amin'ny famaritana, ny fitarihan-dàlana, amin'ny fombafomba fanatanterahana sy fanaraha-maso ary fanombanana ny politikan'ny Vondrombahoaka.

Ny fitsipika mifehy ny fomba fiasan'ny rafitra ifotony fikaonan-doha dia ny fampiroboroboana ny fahafahana maneho hevitra, ny fandraisana anjara, ny fandraiketana ary ny fampandraisana andraikitra ny olom-pirenena.

**And. 4 –** Ny tanjona amin'ny fametrahana ny rafitra ifotony fikaonan-doha dia:

- hanorina fifandraisana eo amin'ny mpisehatra rehetra mba ho fampiroboroboana sy ny fanatanterahana ny fitsinjaram-pahefana tena izy, ny fampandrosoana ifotony ary ny fandraisana anjaran'ny daholobe ;
- hampandray anjara ny mpisehatra rehetra amin'ny fanatanterahana ny politikam-panjakana ;
- hanamafy ny fifandraisana ara-tsosialy sy ara-kolontsaina mba ho fanehoana ny filàna sy ny fangatahana mikasika ny fanjakana tsara tantana, mifototra amin'ny fomba fandraisana anjara amin'ny fanapahan-kevitra ;
- hampiroborobo ny demokrasia ifotony mba ho fanamafisana ny fankatoavana ireo hetsika sy politika izay atao ;
- hamoaka hevitra sy tolo-kevitra mba hamatsiana ny fizotry ny fanapahan-kevitra eo anivon'ny Vondrombahoaka;
- hiaro ny tombontsoan'ny daholobe amin'ny fampiroboroboana ny fifanakalozana mba ho tonga amin'ny fanapahan-kevitra.

**And. 5 –** Ny rafitra ifotony fikaonan-doha dia mampiroborobo ny fandraisana anjaran'ny rehetra amin'ny famahana ny olana, mba ahafahana mahafantatra sy mitantana ny lafiny iombonana eo amin'ny samy mpisehatra, eo amin'ny sehatra rehetra ary eo amin'ny toerana rehetra.

Araka izany, ny rafitra ifotony fikaonan-doha dia miahy ny fanajana ireto soatoavina sy fitsipika manaraka ireto:

- ny tsy fanavakavahana ;
- ny zon'olombelona ;
- ny fahadiovana , ny fangaraharahana ary ny tamberin'andraikitra ;
- ny fampiharana ireo foto-kevitra demokratika ;
- ny fanjakana tsara tantàna ;
- ny asa maimaimpoana ;
- ny tsy fanaovan'ny rafitra politika ;
- ny fisoloanatena ny rehetra amin'ny firafitry ny mpikambana ;
- ny marimaritra iraisana amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra, na izay lanin'ny besinimaro raha tsy misy izany.

## TOKO II
## NY ANJARA ASA, NY FANDAMINANA ARY NY FOMBA FIASA

### Sokajy voalohany
### Ny amin'ny anjara asa

**And. 6 –** Ny rafitra ifotony fikaonan-doha dia manana andraikitra fakan-kevitra, fampahafantarana, fandraisana anjara amin'ny asa ataon'ny Vondrombahoaka, fandraisana anjara amin'ny fandrindrana ny asa izay atao ary ny fiaraha-miasa ho fampandrosoana ny lafitany.

**And. 7 –** Ao anatin'ny fanatanterahana izany asany izany, ny rafitra ifotony fikaonan-doha dia mitondra soson-kevitra amin'ny :

- famoriana sy ny fandaminana ireo mpisehatra manodidina ny resaka fampandrosoana ;
- fanamafisana ny firaisan-kina eo amin'ny samy mpisehatra mba hampisy ny vina iraisana amin'ny fampandrosoana sy ny fananganana ny tolo-kevitra ho an'ny fiovana ;
- fampifandraisana ny asa atao sy ny fanakambanana ny loharanom-bola ho an'ny fampandrosoana ;
- fijerena sy fanomezana lanja ny otrik'arena eo an-toerana ;
- fitadiavana fiaraha-miombon'antoka ;
- teti-bola andraisan'ny rehetra anjara ;
- fanamboarana sy fanovàna ny drafitra fampandorsoana ny Kaominina ;
- fiaraha-miasa amin'ny rafitra itsinjaram-pahefana vahiny sy ny eo amin'ny samy Vondrombahoaka .

### Sokajy 2
### Ny amin'ny fandaminana

**And. 8 –** Ny rafitra ifotony fikaonan-doha dia ahitana ny solontenan'ny :

- rafitra mpanatanteraky ny Vondrombahoaka ;
- ny rafitra mpanapakevitry ny Vondrombahoaka ;
- ny sampandraharaham-panjakana anapariaham-pitondrana izay misy ao amin'ilay Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;

- ny mpandraharaha ara-toekarena ;
- ny fikambanan'ny fiarahamonim-pirenena ;
- ny Raiamandreny sy ny mpitarika ara-drazana ;
- ny antoko sy ny fikambanana ara-apolitika eo an-toerana ;
- ny fikambanam-behivavy, ny fikambanan'ny tanora sy ny vondron'olona marefo ;
- ny sehatra fikaonan-doha efa misy.

**And. 9 –** Mpikambana avy hatrany ao amin'ny :

- rafitra ifotony fikaonan-dohan'ny Kaominina ny solontenan'ny Fokontany:
- rafitra fikaonan-dohan'ny Faritra ny Solombavambahoaka sy ny solontenan'ny Kaominina;
- rafitra fikaonan-dohan'ny Faritany ny Loholona sy ny solontenan'ny Faritra.

**And. 10 –** Ny rafitra ifotony fikaonan-doha dia afaka miantso manam-pahaizana manokana izay ilaina amin'ny alalan'ny Filoha sy ny mpikambana toy ny mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola, ny tetik'asa/fandaharan'asa ary ny ivotoeram-pikarohana.

**And. 11 –** Ny sehatra voakasika dia mikambana ho vondrona amin'ny fanendrena ireo solontenany.

**And. 12 –** Didim-pitondrana raisin'ny lehiben'ny mpanatanteraka no mizaha fototra ny fanendrena ireo mpikambana araka ny tolokevitry ny vondrona tsirairay.

**And. 13 –** Ny rafitra ifotony fikaonan-doha dia tarihin'ny lehiben'ny mpanatanteraky ny Vondrombahoaka voakasika. Raha misy ny tsy maha eo an-toerana azy, dia afaka mandendry ny lefiny izy hisolo azy.

**And. 14 –** Ny andraikitra maha-mpikambana amin'ny rafitra ifotony fikaonan-doha dia maimaimpoana ary tsy andraisan-karama.

## Sokajy 3
## Ny amin'ny fomba fiasa

**And. 15 –** Ny rafitra ifotony fikoanan-doha dia mivory rehefa antsoin'ny Filohany, na amin'ny alalan'ny fangatahan'ny iray ampahatelon'ny mpikambana farafahakeliny.

**And. 16 –** Ny rafitra ifotony fikaonan-doha dia afaka mivory na firy na firy ny isan'ny mpikambana tonga mivory.

**And. 17 –** Ny Filoha dia manendry mpitan-tsoratra isaky ny fanombohan'ny fivoriana.

**And. 18 –** Ny fitanana an-tsoratra dia tsy maintsy soniavin'ny Filoha sy ny mpampaka-teny ary ny mpitan-tsoratry ny fivoriana.

**And. 19 –** Ny fitanana an-tsoratra isaky ny fivoarian'ny rafitra ifotony fikaonan-doha dia tsy maintsy ampahafantarina am-pahibemaso sy atao peta-drindrina eo amin'ny foiben'ny Vondrombahoaka.

Ny mpikambana tsirairay ao amin'ny rafitra ifotony fikaonan-doha dia andefasana ny fitanana an-tsoratra isaky ny fivoriana.

**And. 20 –** Ny fandaniana amin'ny fampandehanana ny rafitra ifotony fikaonan-doha dia zakain'ny teti-bolan'ny Vondrombahoaka.

## TOKO III
## FEPETRA FARANY

**And. 21 –** Ny tolo-kevitra voarakitra ao antin'ny fitanana an-tsoratry ny fivorian'ny rafitra ifotony fikaonan-doha dia manana endrika fameperana, soson-kevitra ary fitarihan-dàlana.

**And. 22 –** Didy amam-pitsipika no hamaritra, arak'izay ilaina, ny fombafomba fampiharana ity didim-panjakana ity.

**And. 23 –** Foanana ary dia foana ireo fepetra rehetra teo aloha mifanohitra amin'ity didim-panjakana ity.

**And. 24 –** Ny Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, ny Mpitahiry ny fitombokasem-panjakana, Minisitry ny Fitsarana, ny Minisitry ny Vola sy ny Teti-bola, ny Minisitry ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy ary ny Fampiroboroboana ny Vehivavy, ary ny Ministitry ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Andrim-panjakana, no miandraikitra, araka ny tandrify azy avy, ny fanatanterahana izao didim-panjakana izao, izay havoaka amin'ny *Gazetim-panjakan*'ny Repoblika.

Natao tao Antananarivo, ny 16 jona 2015

**Avy amin'ny Praiminisitra,**
**Lehiben'ny Governemanta,**

**RAVELONARIVO Jean**

Ny Minisitry ny Atitany
sy ny Fistinjaram-pahefana,

**MAHAFALY Solonandrasana Olivier**

Ny Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana,
Minisitry ny Fitsarana,

**RAMANANTENASOA Noëline**

Ny Minisitry ny Vola sy ny Teti-bola,

**RAKOTOARIMANANA François**
**Marie Maurice Gervais**

Ny Minisitry ny Serasera
sy ny Fifandraisana amin'ny Andrim-panajakana.

**ANDRIANJATO RAZAFINDAMBO Vonison**

Ny Ministry ny Mponina, ny Fiahiana
ara-tsosialy ary ny Fampiroboroboana
ny Vehivavy,

**REALY Onitiana Voahiriniaina**